# Newsletter

*Novembre 2019*

**Sampana Iraisana Antoko Mpihira**




## *Ary hoy ny Apôstôly tamin'ny Tompo : « Ampitomboy ny finoanay » Lioka 17, 5*

PAR PASTEUR DONALD GIZY
PASTEUR FPMA ANNEMASSE

Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo.

Somary mahagaga ny fahitana eto hoe ny Apôstôly (= irak'i Jesosy) no mangataka Aminy hoe « Ampitomboy ny finoanay » satria izy ireto dia niara-niaina tamin'i Jesosy andro aman'alina ka azo noheverina ho manana finoana avo lenta.

Mialohan'izao fangatahana izao dia nampianatra i Jesosy fa « tsy maintsyho avy ny fahatafintohinana (= scandale), nefa lozan'izay olona mahatongaizany » (Lio. 17, 1).

Ny fahatafintohinana resahina eto dia tsy fahasosorana na alahelo (toy ny fiheveran'ny maro azy) fa izay rehetra miteraka
fialana amin'ny finoana na fidirana amin'ny fahotana. Misy fifandraisany amin'ny fitomboany na tsy fitomboan'ny finoana izany ny fahatafintohinana ka nahatonga ny fangatahan'ny Apôstôly.

Ny tohin'ny tantara eto dia ampianaran'i Jesosy fa ny hany takiana amin'ny mpianany sy ny
iraka - mba hampitombo ny finoana - dia ny fiainana ny finoana. Resahiny amin'ny fanoharana ny amin'ny voan-tsinapy izany (Lioka 17, 5-10) ary asiany
fampiharana amin'ny tantaran'ireo boka nadio teny an-dalana (Lioka 17, 10-14).
Zavatra roa no iainana izany :

- firaisana amin'ny Tompo Jesosy amin'ny alalan'ny Teniny (Jao. 15, 7-8 / Kol. 3, 16a) = endriky ny finoana,
- fankatoavana feno ny Tenin'i Kristy Jesosy, tahaka ny nataon'ireto boka (nasaina nandeha, dia lasa, tsy nametra-panontaniana fa tonga dia lasa) ao amin'ny Lio. 17, 10-14 ireto.




Io koa no zaraina amintsika AMF amin'izao ankatoky ny Chœur Uni 2020 izao ho fampaherezana antsika.

Tsy maintsy miaina ny firaisana amin'ny Tompontsika (=finoana) amin'ny alalan'ny Teniny izay iainana sy ankatoavina isika : izany no antoka hampahomby sy hamirapiratan'ny
Voninahitr'Andriamanitra amin'ny Chœur Uni 2020 izay karakaraintsika.

Voninahitra anie ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina !

# *Se préparer spirituellement avant de chanter et laisser plus de place au Saint-Esprit dans nos temps de louange.*



PAR LA COMMISSION SPIRITUELLE

### Le B à Ba... C'est être en communion avec le Saint-Esprit au quotidien.

Collaborer avec le Saint-Esprit est un travail de longue haleine. Il faudrait apprendre à dépendre de Lui au quotidien pour dépendre de Lui lorsque nous chantons.Comme dans une voiture, il ne peut y avoir qu'un seul conducteur; il en est de même pour un temps de louange! Soit c'est nous qui conduisons, soit c'est le Saint-Esprit. Accordons-nous quelques minutes pour accueillir la personne du Saint-Esprit qui va diriger le temps de culte et de louange que nous allons vivre. C'est un bon moyen de centrer les coeurs dès le départ sur ce qui est le plus important : la présence de Dieu au milieu de nous."O Dieu! crée en moi un coeur pur, Renouvelle en moi un esprit bien disposé." (Psaumes 51,10)5:30 - 6:30 PM

### Tous ensemble... Mais collaborer avec le Saint-Esprit "en équipe" n'est pas chose facile.

Chaque chorale forme une équipe qui vise un seul et même but. Pour y parvenir , il faut que tous soient bien préparés spirituellement, physiquement et moralement.Nous pouvons prendre du temps pour louer Dieu sans la pression de l'assemblée; un samedi, une soirée, ou partir tout un week-end pour se retrouver dans la présence de Dieu. Pratiquer les chants qu'on répète comme un temps de louange ouvert à l'action de l'Esprit sans se concentrer uniquement sur la partie technique, faire des partages, comprendre les chants pour être de vrais messagers, trouver les versets ou la Parole qui résument ce qu'Il veut communiquer et les vivre pleinement:« Que la parole de Christ habite parmi vous abondamment; instruisez-vous et exhortez-vous les uns les autres en toute sagesse, par des psaumes, par des hymnes » (Colossiens 3.16)

### Tenir ferme...

Lors de la louange, il y aura parfois des ratés, autant l'accepter tout de suite. C'est comme cela qu'on apprend. A l'église, parfois on se trompe, on se repent et on se relève. Reconnaissons-le quand nous nous sommes un peu égarés. Et développons cette culture qui valorise le fait d'avoir osé essayer. La FOI n'a pas d'effet si on ne prend pas de risque:« N'aie pas peur, crois seulement ! » (Marc 5.36)

---

# *La polyphonie*

PAR LA COMMISSION MUSIQUE ET CHANT

La polyphonie est une superposition de plusieurs lignes mélodiques. Elle peut être vocale ou instrumentale ou même les deux. Pour aborder un chant polyphonique simple, il est important de savoir entendre sa propre voix avant d'écouter celle des autres. Pour que la polyphonie se mette en place, l'écoute mutuelle est indispensable. On commence par les plus simples. Si on prend l'exemple d'un chant en canon à 2 voix, la mélodie de base doit être chantée plusieurs fois pour bien se l'approprier avant de se séparer. Ensuite vient le fameux moment du canon. Le premier groupe démarre puis est rejoint par le 2ème groupe.A cet instant précis il est très important de rester concentré sur sa partie pour tenir la mélodie du départ mais aussi,on surveille bien en même temps l'autre groupe pour éviter tout décalage. L'écoute harmonique de chaque choriste est donc plus qu'importante pour que le canon soit en place. Chanter et écouter en même temps c'est ce qui a de plus riche et merveilleux pour glorifier Dieu.

# *« Mba ho iray izy rehetra …. »*
# *Jao. 17:11*

**LE MOT DU BIRAO FOIBE**

Raha nanatrika ny fotoana famerenan-kira nataon'ireo mpikambana ao amin'ny antoko mpihira ny AMF izay niisa teo amin'ny enin-jato mahery, dia feo samihafa no tsy maintsy narindra mba hifameno ka nahazoana mamoaka hira Fiderana an'Andriamanitra. Raha tsy voarindra araka ny tokony ho izy ny feo samihafa dia inoana fa tsy ho tafavoaka ny hafatra fitoriana ny filazantsara an-kira.

Raha sitrapon'ny Tompo dia ho tanterahina any Avignon amin'ny taona 2020 ny ChoeurUni , voalaza hatrany fa ny Antoko Mpihiran'ny FPMA no masoivoho (ambassadeur) ny FPMA rehefa manao hetsika any ivelany.

Koa amin'ny fivoriana maro isan-karazany sy ny asa ho tanterahina izay hiarahan'ny AMF sy ny herivelon'ny FPMA manodidina ny fikarakarana ny ChoeurUNi 2020, dia ny irariana fa ny fahasamihafana eo amin'ny mpikarakara rehetra manodidin' ny fanomanana izao hetsika lehibe izao dia tokony hifameno ( "unité dans la diversité") ho fanantanterahana ny tanjona tokana dia ny Fitoriana ny Filazantsara an-kira.

Tsy vitan'ny ezaka na asan'olombelona, ary tsy mandeha ho azy anefa ny fiainana ny fiombonana sy ny firaisana eo amin'ny samy Mpianakavin'ny finoana , ary noho izany antony izany no nahatonga an'i Jesoa Kristy Andriamanitra tonga nofo, nanao vavaka fangatahana amin'ny fampiraisan'ny Mpino : "..Ray masina ô, tehirizo ireo amin'ny anaranao izay nomenao Ahy, mba ho iray ihany izy, tahaka ny maha iray Antsika. (Jao 17:11).Ny vavaka hangatahintsika isan'andro , dia mba ny Fanahy Masina no hameno sy hitari-dalàna antsika , ka mba ho fo sy vava iray, feno ny Fitiavan'Andriamanitra, no toe-panahy entintsika mampiasa ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra ho fampandrosoana ny fanjakany dieny ety an-tany (I Kor 12:4-6).

Dia Voninahitra ho an'Andriamanitra Irery ihany amin'izay asa rehetra hotanterahina , ary ny fampiraisana avy amin'ny Fanahy masina ho tanteraka hatrany eo anivon'ny AMF sy ny Fiangonana FPMA.

Roland RATIARISON
Vice-président Laïc de la FPMA
Interface FOIBE FPMA pour l'AMF

## PARTITIONS

## *CALENDRIER*

FORMATION SOLFA
**09 Novembre 2019**
**Accueil à 09h30**
Buisson Ardent 1264 av Raymond Pinchard 54000 Nancy

Si vous voulez nous faire part de vos événements, n'hésitez pas à nous contacter via
**birao_amf@choeuruni.net**

AMF National - FPMA

amf_national